4

TIM TIAKO I MADAGASIKARA

Amboary ny lalana eto Madagasikara

RAMBOASALAMA Emilien

X

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 23 mey 2019 | Laharana 913 | Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Fampiasana ny Parvis Analakely 7

Herintaona sy tapany tsy nandoa ny hofany ny Le Zoma de Tana

Filoha Marc Ravalomanana 2

Tsy hanenenana ny mifidy ny kandidà TIM.K25

Fampielezan-kevitra 3

Mihoa-pefy indray i Andry Rajoelina

KANDIDA TIM.K25 N°1 BORIBORITANY FAHA-6 2

Vonona tanteraka na ny mialoha, na ny mandritra, na aorian'ny fifidianana

Beteva Miandrivazo 6

Niravina ny disadisa tamin'ireo fianakaviana niady an-trano

Fifidianana depiote 2

Mbola nanome fanampiana 500 000 euros i Allemgne

Daka kely

Efa tsy menatra intsony ialahy ry Boaikely manao propagandy a !

Tranombarotra Baolai 7

Maro ny fanomezana azo omena ny reny ao aminy

FILOHA MARC RAVALOMANANA

Tsy hanenenana ny mifidy ny kandidà TIM.K25

Mitohy hatrany ny dian'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana, mametraka sy mampahafantatra ary mitso-drano ny kandidan'ny TIM.K25 manerana an'i Madagasikara. Tonga tany Toamasina izy afak'omaly, tamin' izany no nanentanany ny rehetra hifidy ny 27 mey ho avy izao ary hifdy ny kandida ho solombavambahoaka avy amin'ny vondrona Tiako i Madagasikara (TIM) K25. "Mahatoky azy ireo aho. Vitany ny hiasa ho anareo sy hisolotena anareo, hiady ho an'ny tombontsoanareo eny amin'ny

Ny filoha Marc Ravalomanana tany Toamasina, niaraka tamin'ny kandidà Jean Claude sy Naina.

Antenimieram-pirenena. Koa aza misalasala, fa ny ho avy no banjinintsika. Raiso ary ny andraikitra amin'ny 27 mey 2019. Tsy hanenenana ny mifidy ny kandidà TIM.K25 manerana an'i Madagasikara, efa voaofana, voasedra, manana traikefa avokoa ireo kandidà nosafidiany eran'ny Nosy", hoy izy. Avy any Toamasina, nihazo ny lalampirenena faha-2 ny Filoha Marc Ravalomanana, tany Antsampanana, Moramanga, sy ny tanàna maro amin'iny lalampirenena iny. Omaly indray, nihazo ny lalampirenena faha-4 i Dada, nandalo an'i Talatamaty, Ankazobe, Maevatanana, sy ny tanàna maro amin' izany RN4 izany. Ombieny ombieny, vaho-aka marobe hatrany no niatrika ny fampielezan-kevitra izay nataony ho an'ny kandidà depioten'ny TIM.K25 tamin'ny distrika nolalovany tamin'ny RN4 iny. Hita ho resy lahatra amin'ny kandidà miara-dia amin'ny Filoha Marc Ravalomanana ny toera-na rehetra nolalovany hatreto.

Isambilo

Kandida TIM.K25 N°1 Boriboritany faha-6

Vonona tanteraka na ny mialoha, na ny mandritra, na aorian'ny fifidianana

Naneho ny fahavononany tanteraka ny kandidan'ny TIM.K25: Todisoa Andriamampandry sy Fehizoro Andriamananjezika, N°1 ao amin'ny boriboritany faha6 amin' ny fifidianana solombavambahoaka ny 27 mey ho avy izao, na ara-pitaovana io, na ara olona . Nisy ny fampiofanana ireo delege miisa 300 manerana ny birao fandatsaham-bato ao amin' ny boriboritany faha6 , mba tena hahafantaran'izy ireo ny tena andraikitra sahaniny mialoha sy mandritra ary aorian'ny fididianana. Nilaza ny kandida Todisoa Andriamampandry fa vonona amin'ny angady sy ny harona izy , hitazona ny fandresena, izay efa eo aminy amin'ny fifidianana ny 27 mey ho avy izao. Fanamby apetraka hoy izy amin'ny mahazanaky ny boriboritany faha6 anay, ny hitondra fiovàna mahery vaika amin'ny fitondràna ny hetahetan'ny vahoaka satria efa fantatra ny maharary ny mponina eto. Nanamafy ny kandida lisitra Faharoa Fehizoro Andriamananjezika fa vonona ny TIM.K25 amin' ny lafiny rehetra ao amin' ny boriboritany faha6, koa manentana ny vahoaka izahay mba ho tonga hifidy ny laharana voalohany. Ho an'ireo izay misalasala hoy izy nahita ny halabato tamin'ny fifidianana teo aloha. Efa miomana amin'izany isika , indrindra ny aorian'ny fifidianana , ka tsy hanaiky mora ny tsy fanarahan-dalàna mety hiseho dia ny halabato.

Helisoa

Ambohimanarina sy Atsimondrano

Olan'ny mponina ny fananantany sy ny tsy fandriampahalemana

Nandritry ny fidinana ifotony nataon'ny kandida natolotry ny Tim.K25 tao amin'ny distrikan'Antananarivo Atsimondrano sy Ambohimanarina dia nisongadina ny olan'ny fananantany sy ny tsy fandriampahalemana. Ny kandida Todisoa Andriamampandry laharana voalohany ao amin' ny boriboritany faha-6 Ambohimanarina, dia teny amin'iny faritr' Andohatapenaka sy ny digue iny omaly no nanao ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana solombavambahoaka hotanterahina ny 27 mey ho avy izao. Tamin'izany no nitondrany fanazavana ny olan'ny fananantany izay tsy maintsy hitondrana volavolan-dalàna eny anivon'ny Antenimieram-pirenena raha lany solombavambahoaka ny tenany. Teo ihany koa ny sahatry ny tsy fandriampahalemana izay mahazo vahana tokoa amin'iny faritra iny. Tsy maintsy mijery vahaolana isika hoy izy raha te-ho tafavoaka satria ny firenena marefo ara-toekarena dia saika vokatry ny tsy fandriampahalemana satria mitotongana ny sosialin'ny mponina sy ny fampandrosoana ifotony. Mitovy amin'izany ihany koa ny fanazavana nentin'ny kandida laharana faha-5 ao amin'ny distrikan' Antananarivo atsimondrano, Alain Ratsimbazafy raha naneho ny heviny tamin' ireo vahoaka marobe teny amin'ny kaominina Fiombonana sy ny manodidina teny omaly. Vaha-olana maharitra amin'ny sehatry ny fananantany sy ny ady amin' ny tsy fandriampahalemana no mila hatao voalohany raha te-handroso isika hoy izy, ka ny kandida solombavambahoaka atolotry ny Tim.K25 miaraka amin'ny filoha mpanorina, Marc Ravalomanana irery ihany no afaka mijery izany satria efa tsara hofana sy nahazo tso-drano avy amin' ny filoha nasionaliny. Vonona ireto kandida ireto hitondra ny traik'efa sy ny fahaiza-manao eo amin'ny sehatra samihafa ho fampandrosoana ny faritra amin'ny ankapobeny. Tsy maintsy mandroso no tanjona hoy ireto kandida ireto, ary fampandrosoana mitohy no tanjona fa tsy mihemotra na eo amin'ny sehatry ny sosialy io, na eo amin'ny sehatra samihafa ihany koa.

Rajo

Fifidianana depiote

Mbola nanome fanampiana 500 000 euros i Allemgne

Mbola nanome fanampiana ara-bola mitentina 500 000 euros i Allemagne ho amin'ny fikarakarana ny fifidianana eto amintsika. Vita Sonia teny amin'ny foiben-toeran'ny CENI Alarobia izany fifanaraham-piaraha-miasa izany ny talata teo, teo amin'ny filohan'ny CENI Hery Rakotomanana, ny Ambasadaoron'ny CENI eto amintsika ary ny solontena maharitry ny Firenena Mikambana eto Madagasikara. Izany dia ao anatin'ny fanohanan'ny alemà antsika, mba hisian' ny fifidianana madio, mangaraharaha, eken'ny rehetra, amin'izao ankatoky ny hanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka izao. Nanambara ny filohan'ny Ceni Hery Rakotomanana nandritra izany fa mba hampizotra tsara ny fifidianana ho avy eto amintsika dia nanofana ireo olona any amin'ny rantsa-mangaikany manerana ny Nosy ny Ceni, sy ny solontenan'ireo olona rehetra voakasiky ny fifidianana. Teo koa ny fanatsarana ny lisi-pifidianana sy ireo antontan-taratasy saro-pady amin'ny fifidianana. Ary ny famolavolana drafitra ara-pitaovana eken'ny rehetra. Hirotsaka ao amin'ny kitapom-bolan' ny Sacem (Soutien et Appui au Cycle Electoral à Madagascar) izao fanampian'i Allemagne izao, ary ho tantanan'ny Pnud na ny solontenan' ny Firenena Mikambana eto Madagasikara.

Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Fifidianana sy fampielezan-kevitra : Mikaviavia ny mpampihàtra lalàna sa kajy politika ?

Efatra andro mialoha ny fifidianana solombavambahoaka isika amin'izao fotoana izao. Tapa-bolana mahery izao no nisian'ny fampielezan-kevitra ofisialy, ary samy nanao izay saim-pantany ireo kandida tao anatin'izany. Arakaraka ny nirosoan'ny andro anefa no nahitana fa be ireo tsy fanarahan-dalàna samihafa na dia teo aza ireo fampitandremana nataon'ny avy eo anivon'ny Ceni. Rehefa miteny ity farany anefa dia mihivingivina be ihany ny maro. Saika isan'andro no mivoaka amin'ny haino aman-jery sy an-tsoratra ny teny ambaran'ny tomponandraikitra eo anivony milaza hatrany ny azo atao sy ny raràn'ny lalàna mifehy ny fampielezan-kevitra, na ihany koa ny fifidianana. Anisan'ny narahi-mason'ny mpanara-baovao ny fihetsiky ny Ceni sy ny fepetra raisiny manoloana ny tsy fanarahan-dalàna izay nibaribary nataon'ny hatrany amin'ny filohan'ny Repoblika niaraka tamin'ny kandidàny. Talohan'ny zava-nitranga izay anefa dia toy ireny olom-pirenena tena manana ny finiavana hametraka ny fahamarinana eto amin'ny tany sy fanjakana tokoa ny tomponandraikitra eo anivon'ny Ceni. Nitranga anefa ny fihetsika hitam-poko hitam-pirenena nataon'ireo miaradia amin'ny fitondrana, tsy hita akory izay fepetra noraisina, fa zary nahodinkodina ny resaka amin'ny filazana miendrika fanilihana andraikitra. Ny tsapa mihitsy aza ho an'ny sasany dia tena miala andraikitra tsy te-ho tomponandraikitra hamatotra ny filohan'ny Repoblika sy ireo kandidà miara-dia aminy nanao fihetsika tafahoatra tany amin'ny toerana samihafa ny tokony hampihàtra lalàna. Nilaza mihitsy ny kandidà avy eo anivon'ny antoko Tim iray, fa raha avy amin-dry zareo no nanao an'ireny fihetsika ireny efa asa izay fepetra sy fihazakazahana nampihàtra ny lalàna. Ireo eo amin'ny fitondrana no manao izany dia manao fialan'ny Jiosy ary tsy ahitan-teny firy ny eo anivon'ny Ceni? Fitanilana izany, hoy ny teo anivon'ny fiarahamonim-pirenena. Izany hoe, hatreto izany, ny fampiharana ny lalàna amin' ny fifidianana eto amin'ny firenena dia misy faharefo- ana ihany ary tsy mahitsy manaraka ny tokony ho izy. Efa niaraha-nahita ny lesoka lehibe tamin'ny fifidianana Repoblika iny, izay nampihivingivina ny vahoaka maro an'isa. Noheverina fa efa niezaka nanarina izany ny mpisehatra rehetra manam-pahefana mahefa kanefa toa mbola mikivilavila be ihany ny fandehan-draharaha. Misy fiantraikany any amin'ny toe-tsain'ny vahoaka manoloana ny raharaham-pirenena anefa ireny rehetra ireny.

Sôh'son

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Domoina .R

Ny Valosoa sy hadihady

Fampielezan-kevitra: Mihoa-pefy indray i Andry Rajoelina

Andro vitsy sisa dia handatsa-bato ho an'izay tiany hisolovava azy eny amin'ny Antenimierampirenena indray ny Malagasy. Fifidianana efa manomboka manakaiky kokoa ny mponina ity ho tanterahina ity satria na tiana na tsy tiana dia mety tsy misy mijery izay antoko na vondrona na fikambanana nanolotra azy ny mpifidy, fa ilay "tsangan'olona" no homeny ny vato. Herinandro farany amin'ny fampielezan-kevitra no diavina izao, efatra andro sisa raha ny marina kanefa toa mangingina ihany tsy araka ny vinavinan'ny olona sasany, fa hafanafana tokoa ary mety hisy fifanandrianana mihitsy aza eo amin'ireo mpifaninana. Ny sary no miparitaka sy mipetaka eny rehetra eny, fa ny fandresen-dahatra ny mpifidy amin'ny alàlan'ny famoriana eny an-kianja dia tsy hita loatra. Toa menamenatra izany ireo kandidà, asa mety matahotra ihany koa, angamba, noho ny lasa nitarihana kaserôla be loatra. Ireo antoko roa, azo lazaina fa misongadina, dia ny "isika rehetra miaraka amin'i Andry Rajoelina" sy ny "Rodoben'ny mpanangana" na ny TIM.K25 no samy manao izay ho afany na mifanalavitra be aza ny fomba entina mandresy lahatra ny mpifidy. Nandritra ny roa herinandro dia tsy nitsahatra nitety ireo distrika misy kandidà TIM ny filohany, Ravalomanana Marc, ary nanolotra azy ireny tamin'ny vahoaka mpifidy. Na ny filohan'ny antoko na ny kandidà ho solombavambahoaka dia samy nanome toky fa tena hiady sy hikatsaka ny fomba rehetra hamolavolàna sy hampandaniana lalàna tena hiaro ny tombontsoa iombonana sy hampandroso ny tsirairay sy ny daholobe eo amin'ny lafiny rehetra. Raha ny fizotry ny fampielezan-kevitr'ity antoko ity aloha dia tsy nisy nibolisatra ary tsy nisy fanitsakitsahana lalàna velona hatreto. Ho an'ireo nirotsaka amin'ny anaran'ny tenany na mahaleotena dia tsapa fa mangina tsy re tsaika loatra kanefa araka ny efa voalaza etsy ambony dia tsy izay antoko na fikambanana misy ny kandidà no zava-dehibe fa ny lasany na ny tantarany na ny zava-bitany, na dia tsy mpanatanteraka aza izy, teo amin'ny distrika nilatsahany. Tsy azo hafenina tokoa fa misy amin'ireo kandidà no efa hamerina kilasy ka nandritra ny taompiasana lasa dia zara raha nihelina tany amin'ny toerana nahalany azy. Ny tena misongadina amin'izao fampielezan-kevitra izao dia ny ataon'ny "isika rehetra miaraka amin'i Andry Rajoelina", ny fanitsakitsahana ny lalàna velona ataon' ny filohan'ny Repoblika mihitsy. Izao tokoa no manamarina fa sarotra ho an'ny olona iray ny manova ny toetrany ary efa nizotra tamin' "iny làlan'iny" ka dia mankany mankany foana na hitondra any ankady aza. Sarotra tokoa iny làlan'iny kanefa dia tafita ny dimy taona. Efa voasakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) tamin'ny fikasana hanao fitsapankevi-bahoaka dia izao manao fampielezan-kevitra miaraka amin'ny kandidàny izao izy. Na tiana na tsy tiana dia fampielezan-kevitra no ataon-dRajoelina Andry amin'izao herinandro farany izao. Tsy fantatra intsony fa toa tia maka tahaka ny ataon'ny hafa ity filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara ity satria ny fisehoany no samy hafa fa dia izay ataon-dRavalomanana Marc no ataony kanefa ny sata mifehy azy roalahy tsy mitovy. Ny mampametram-panontaniana ny maro dia izay ho fandraisana andraikitry ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana sy ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana, satria dia izao fihetsiky ny filohan'ny Repoblika izao no azo lazaina fa "tratra ambody omby" manitsakitsaka ny Lalàmpanorenana, izay izy no isan'ny namolavola azy na dia somary nalain-tahaka tamin'ny an'ny firenenkafa koa aza. Tsy hiandrasana fitorian'ny kandidà mpifaninana amin'ny an-dRajoelina Andry izany, fa toy ireny mpitandro filaminana mahatratra ambody omby mpangalatra ireny, tonga dia misambotra fa tsy mila fitorian'ny olona norobaina izay ho vavolombelona ihany sisa. Fahaizana manokan'ireto andrim-panjakana roa ireto moa ny miala ilany koa,… miandry fa gasy e!

Andry Tsiavalona

Fifidianana depiote

Hitsidika biraom-pifidianana ny CENI sy ny fianakaviambe iraisam-pirenena

Amin'izao 2 andro tsy hifaranan'ny fampielezan-kevitry ny fifidianana solombavambahoaka hatao ny alatsinainy ho avy izao dia hitafa amin' ny mpanao gazety ny CENI rahampitso zoma 24 mey 2019 amin'ny 10 ora maraina, eny amin' ny biraony eny Nanisana. Ny fiafaran'ny fampielezan-kevitra, ny fanomanana ny andrompifidianana ary ny fikirakirana ny voka-pifidianana no horesahina amin' izany. Ankoatra izany, hisy ny fitsidihana biraom-pifidianana hiarahana amin'ireo fianakaviambe iraisam-pirenena, izay hotarihin'ny Filohan' ny CENI Hery Rakotomanana ny alatsinainy 27 mey 2019 ho avy izao. Ny fandaharam-potoana mahakasika izany : ny fiaingàna dia amin'ny 09 ora maraina eny amin'ny CENI Alarobia. Ny toerana hotsidihina: Alarobia, Mahamasina, Tanjombato, Andoharanofotsy, Ambatofotsy. Hisy ny fiara fitaterana amin'izany ho an'ny mpanao gazety, ka izay handeha amin'izany tokony hilaza mialohan'ny zoma 24 mey 2019.

Isambilo

Kandida depiote mandika lalàna

Manomboka manala afisy ny Ceni

Efa tapitra ny fe-potoana nomen'ny Ceni ireo kandida, na ny mpomba azy, mba hanala ireny afisy mipetaka amin'ny toerana tsy tokony hanaovana izany. Santionany amin'izany ohatra ny biraom-panjakana, sekoly, fiangonana, Hôpitaly, tranom-panjakana samihafa, sns… ary efa nampahafantarina ireo kandida ny lamandy sy ny sazy mety ho azon'ireo kandida, ary mety hiafara amin'ny fanalana azy tsy ho kandida mihitsy aza izany. Tsy mbola misy anefa hatreto ny lalàna manasazy fa fampitandremana sy fampahafantarana no atao. Afa-nenina ihany koa ny Ceni, ka irosoana amin' izay ny fanesorana ireo afisy tsy manara-dalàna. Mbola andrasana ihany koa ny valin'ny fitoriana nataon'ny sekretera jeneralin'ny antoko Tim nandritry ny fidinana ifotony nataon'i Andry Rajoelina nijery ifotony ny asa fanatsarana eto Antananarivo renivohitra, izay tafiditra amin'ny fanaovana fampialezan-kevitra solombavam-bahoaka ankehitriny. Tsy namaly ny Ceni omaly raha nanontanian'ny mpanao gazety ny sazy, na fanapahan-kevitry ny Ceni momba izany. Nambaran'ny filohan'ny Ceni fa izay manana fitarainana dia ny fitsarana no tompon-teny farany amin' izany. Hatreto dia ny kandida solombavambahoaka natolotry ny Ird no mihoa-pefy amin'ny fanaratsiana kandida sy tsy manara-dalàna amin' ny fampielezan-kevitra satria milaza fa kandidam-panjakana hono. Mbola baraingo avokoa ireny manoloana izay tsy fanarahan-dalàna izay. Roa andro sisa dia hifarana tanteraka izay fampielezan-kevitra izay, ka hitsara ny vahoaka mpifidy ny 27 mey ho avy izao.

Rajo

ALAOTRA MANGORO, ANALANJIROFO, SAVA

Mitohy ny tsy fanarahan-dalàna ataon-dRajoelina

Andry Rajoelina, sy ny kandidàny tao Ambatondrazaka.

Nitsidika ny tany amin'ny faritra Alaotra Mangoro, Analanjirofo ary Sava ny filoha Andry Rajoelina omaly sy afak' omaly. Raha ny vaovao voaray avy amin' ireny faritra notsidihany ireny dia mitohy ny tsy fanarahan-dalàna, fanaovany fampielezan-kevitra ho an' ireo kandidà IRD, izay miara-dia aminy. Tao Ambatondrazaka, nanolotra ny Kandida José Alain N°11 ny tenany ary nampanantena fa ho amboarina ny RN44, izay tsy fanarahan-dalàna tsotra izao izany nataony izany. Nosembanin'ny orambe ny fitsidihany ny tany amin'ny faritra Sava, ary nofoanana mihitsy ny fitsidihany ny tany Andapa. Tao Sambava izy no voalaza fa natory omaly, any Antsiranana sy ny faritra Melaky iny anio alakamisy. Raha tokony nihazo an'Andapa ny filohan'ny mpanongam-panjakana avy tao Antalaha, noho ny haratsin'ny toetr'andro, dia nofohanana ny diany tokony ho any Andapa, fa lasa nankany Vohémar izy. Avy eo dia nandeha tany Sambava, ary natory tao an-drenivohitry ny lavanila. Tamin'ireo fitsidihana nataony ireo ihany koa ny zava-nisy dia naato avokoa ny asam-panjakana, noravana ny mpianatra ary nasaina nanatrika ny kabary nataon-dRajoelina. Ny mpianatra aza dia mbola nisy ny nanao aron'akanjo na tablier nandritra ny fihaonany tamin'ny vahoaka. Izany rehetra izany koa dia endrika fanamparampahefana ataon'ity filoha tsy mpanara-dalàna ity sy ny mpiara-dia aminy.

Ny Valosoa

TONONKALO

NY MPITONDRA ADALA SY NY MANAM-PANAHY

Tazanina fotsiny ve ny hadalàny
Tsy asiam-pananarana ny toy ireny ?
Tohizany foana io , tohizany hatrany
Raha toa ny olon-kendry tsy misy miteny.

Heveriny ho mety ny zavatra ataony,
Kanefa efa tena mandeha amin`ny tsy izy.
Ny lainga sy fitaka no kilalaony.
(Fisainany moa dia fisainan`ankizy !)

Ny adala toa azy no indreny mitehaka,
Dia mihorakoraka sady mandihy,
Ka vao mainka izy faly ary tena midehaka.
Tena "manitsaka" , mandrovi-tsihy !

…Aza matoritory ry manam-panahy,
Ahitsio ireo mpitondra manao hadalàna.
Meteza hijoro, meteza ho sahy,
F`ianareo no hany sisa mba fanantenana !

SEDERA RAVALISON (22-05-19)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fampiofanana ireo delegen'ny biraom-pifidianana ao amin'ny boriborintany faha-6 tao amin'ny ESPACE SENSAS;

Sakafo Ny Valosoa

Amalona sy henakisoa indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fomba fanalana votsy amin'ny hoditra

Fomba fanalazana ny votsy amin'ny hoditra indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Raha eo amin'ny tongotra na tanana ilay votsy, raha 2 no mihoatra na 1 tsy maninona: didina amin'ny lame vaovao sy madio ny fotony dia avela mihitsy handeha rà, rehefa avy eo dia maka ireny borka sigara mbola mirehitra ireny dia vonoina eo amin'ilay votsy nodidiana. Marary aloha fa miafy kely amin'ilay izy. Aza lemana rano raha tsy ny ampitso. Ny iray ihany no atao dia maina ho azy daholo ny ambiny herinandro aty aoriana ary tsy maniry intsony satria maty hatramin'ny fakany. Misy fakany mantsy izy io.

Fomba faharoa: voasana ny voasarimakirana 1, dia ny hodiny alona amin'ny vinaigre eo amin'ny herinandro eo, dia apetaka eo amin'ilay votsy dia bandiana.

Fomba faha-3 : maka sparadrap dia bandiana ilay faritra misy azy, avela ao mandritra ny herinandro... dia ho hitanao eo ny fialany.

NY VALOSOA sy Mahavariana

Ny tanànan'Ambohimahasoa any amin'ny faritra Matsiatra Ambony

Ny tanànan'Ambohimahasoa any amin'ny faritra Matsiatra ambony indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina andrenivohitra ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, ny mangahazo,... Amin'ny lalampirenena faha-7 (RN7) iny no misy azy. Manana tsena ity tanàna ity, misy biraom-panjakana samihafa,toy ny biraon'ny paositra,...

NY TENY FIAINANA

Fa Jehovah hamindra fo amin'i Jakoba, ary mbola hifidy ny Isiraely indray ka hamponina azy ao amin'ny taniny; ary ny vahiny hikambana aminy, ary ny taranak'i Jakoba ho namany.
Isaia 14:1

facebook NY VALOSOA

Mandika lalàna manao fampielezan-kevitra ho an'ny kandidàny i Andry Rajoelina, mangina anefa ny CENI

Nadia Ratsimbazafy : mandika lalàna manao fampielezan-kevitra ho an'ny kandidàny i Andry Rajoelina. Lohamboto izao no fitaizana apetraka e, izy filoha mihitsy no toa fitaratra amin'izany tsy fanarahan-daalànaa izany. De toute façon V izay gasy milaza fa mahatoky izany Ceni sy Hcc izany.

Zanak'i Gasikara Ofisialy : tsy tiko maizina na mijery azy aza. Filoha efa zatra gaboraraka, ohatry ny tamin'ny tetezamita nisian'ny fanonganam-panjakana ihany no ataony hatramin'izao.

Lahatra Andriamahatsangy : SB oeeeee, mihinam-bolam-bahoaka fotsiny pfff!

Njiva Sylvia Claudia : lasa antitra bé ilay filohan'ny Ceni sady lasa mahia kely. Otran'ny avy narary bé....

Rakdmrcr Eddy Eddy : Voavidy vola ireo Ceni ireo , normaly b raha tsy misy hambara, nefa izy ireo mihitsy no tokony hitory sy handray fepetra amin'izao tsy fanajana ny lalàna ataon'ny Filoha Andry Rajoelina izao.

Lova Rakotonirina : hampiteniteny fôna lezalahy io!!!hihihihihi, tsy manaja lalàna ny filoha, ny CENI anefa mangina fotsiny.

Andrian Rak : efa tsy mampazoto intsony le andeh hifidy na mbola karamaina aza fa efa hita taratra sy azo tsapain-tanana ny lalao maloto hataon'ireo, sady tsy "professionnel" mihintsy.

Britta Ravahy : ny an'io filohan'ny CENI io angamba efa tampina milliards ny masony!.. hitantsika eo fa mseho azy tsy ho tratry ny aloka! ny aina rangahy ty no mahatezà fa tsy misy mandrakizay eto an-tany a!.. ntsss!

Tille Mandrantosoa : tena ohatry ny matim-bola mihitsy ilay Ceni, hita hoe mbola mitongilana ihany amin'i Andry Rajoelina sy ny forongony.

Cyril Boanahaja : SNIPER edy rah magneva ery zala Mpanitsakitsaka LALÀM-PANORENANA sy LALÀNA eto Madagasikara reo fa tsy torina na gadrana zan. Mody mandrara ny vahoaka hanao FITSARAM-BAHOAKA nefa ny Fitsarana tsy mitsara araka ny tokony ho izy. " Ny mpandrara izay mandrara ny tsy tokn handikana Lalàna no mandika Lalàna voalohany." Tsy mamely edy fitondrana Rajoelina ty!

Andriamaro Tanjona Arisoa : aza manantena handroso mihts ra malagasy aloha, râ mbola zao fandikan-dalàna misy zao foana no eto. Nefa tsy hisy mihitsy izany fanajana lalàna izay satria efa za- tra nandika lalàna tamin' ny tetezamita ny filoha mpanongam-panjakana Andry Rajoelina.

Sam Ralitera : Rangahy tsy avotra mits ilay filohan'ny CENI, izy ireo no tokony hitory amin'ny tsy fanarahan-dalàna misy amin'ny fifidianana.

Zoharimaholy Rima : za ndray tsy gaga amin'izany intsony ! Efa lany henatra daolo! Dia rehefa avy eo dia hoe mitombona fa tsy azo raisina??? Hihihiiii!

Dimby Rakoto : efa hatramin'ny fifidianana filoham-pirenena no efa mitanila amin-dRajoelina sy ny forongony ity Ceni Ceni ity.

Ranaivo Nini : iza kosa aza no sahy hanenjika filoha? Hafa ny any @firenen-dehibe. Tsy azo mora anie io toerana lehiben'ny Ceni io e dia tsy maintsy manaiky izay ataon'ilay filoha na hitam-poko hitam-pirenena izao aza fa mandika lalàna Rajoelina.

Saholy Bouchet Rakotovololontsoa : tsy sahy mandray andraikitra izy e, fa raha tany am tany mandroso efa bye bye, efa disqualifier Rajoelina sy ny kandidàny.

Sarobidy Fandresena : tsy mahagaga raha mitana ny rambony foana ny gasy e . Io lo de tsy hisy fandrosoana zany e . Ny mpitondra ary jereo ny ataony ko, ny filoha mihitsy no fitaratra amin'ny tsy fanajana lalàna, koa tsy mahagaga raha manaraka daholo ny aty ambaniny.

Marotahiana Andriamahefazafy : fa inona no tianao ho teneniny, tsy izay lazainareo ne no marina e, efa tsy pensée unique isika fa mandehana mametraka fitoriana raha mahita tsy mety.

Verohanitra Rahariniaina : de mbola notohizany hatrany Ambatondrazaka de ho eran'i Madagascar ny fanaovana propagandy ataony ho an'ireo TGV/MAPAR/IRD. Mety izay anefa no haharesy ny kandidàny.

Boriboritany faha-4 (CUA)

Haverina amin'ny laoniny ny fivarotan'ireo mpivarotra

Ny fandaminana ny mpivarotra nataon'ny tao amin'ny Boriboritany faha-4.

Raha ny hita sy tsikaritra dia betsaka ireo mpivarotra eto anivon'ny tanànan'Antananarivo no minia tsy manara-dalàna eo amin'ny lafiny maro samy hafa toy ny ora ivarotana , ny firafitrin' ny tranoheva ampiasaina , ary indrindra ny toerana voatokana ho amin' izany. Raha ny talata teo dia nandamina izany olana misy izany ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Boriboritany faha-efatra , izay niarahana tamin'ny Polisy Monisipaly sy ny delegen'ny Mpivarotra , ka ny faritra Mahamasina manontolo sy ny manodidina toy ny teny: Anosy manoloana ny Sénat, tsenan'ny Morgue, ary ny teo ampitan' ny Ecoles des Medcines no nanaovana ny asa. Ny hetsika dia niompana tanteraka tamin'ny fandrindrana ny mpivarotra , ny fanisahana azy ireo mba hanaraka ny faritra azo ivarotana na ny "alignement", izay efa nomen'ny teo anivon'ny sampandraharaha misahana ny tsena eo anivon'ny boriboritany, miampy ireo fanarahana fenitra amin'ny haavon' ireo trano vy ampiasaina amin'izany. Natao tamin' izany ihany koa ny fanentanana maro samihafa toy ny fanajana ny fahadiovana, ny fandrindrana ny lalana ho an' ireo mpandeha tongotra sy ny maro samihafa. Tsy mijanona hatreo ny hetsika toy izao fa hotohizana hatrany mba hahitan-bokatsoa sy ho famerenana indray ny hasin'ny tanàna, sy hanananana tanàna madio sy milamina hatrany.

Aly

Boriboritany faha-6 (CUA)

Nahazo fijerena maso maimaimpoana ireo mpiasa

Ny fitsaboana sy ny fizahana maso tao amin'ny Boriboritany faha-6.

Nahazo tombony manokana ny mpiasan'ny boriboritany fahaenina, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny fiakaviany, ary ny mpiasan'ny fokontany dia ny sefom-pokontany, sy ny mpitan-tsoratra ary ny mpitam-bola niaraka tamin'ny fianakaviany ny talata teo, fa afaka nijery maso maimaimpoana teny amin'ny boriboritany fahaenina. Izany no tontosa, dia nohon'ny fiaraha-miasan'ity boriboritany ity sy ny ONG Fanasoa. Kinendry tamin' izany dia mba ho fitsinjovana ny fahasalaman' ireo mpiasan'ny boriboritany fahaenina sy ny fianakaviany, ary mba ho fanasoavana ny Malagasy iray tanindrazana. Irariana ny toy izao mba hitohy hatrany, ho fanatsarana sy ho fitsinjovana hatrany ny mpiara-belona. Ankasitrahana manokana ny mpiara-miombon'antoka, ONG Fanasoa, tamin'ity indray mitoraka ity, ary antenaina fa mbola hitohy ny fiaraha-miasa tahaka izao, hoy ny teo anivon'ny CUA.

Serge

Fitaterana

Hisy ny auto-collant hampiavaka ny fiara mpitatitra eto an-dRenivohitra

Nontotosaina ny talata teo teny amin'ny Biraon'ny « Contre visite » teny Antsakaviro ny fivorian'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izay notarihin'ny tale misahana ny fitaterana sy fivezivezena antanàn-dehibe, Landy RAVELOSON sy ireo solontenan'ny vondron'ny mpitatitra eto amin'ny tanànan'Antananarivo dia ny UCTU sy ny FMA izany. Ny zavatra nodinihina tamin'izany dia ny fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'ny CUA, ny UCTU ary ny FMA. Teboka maro no nodinihina tamin'izany, ireto avy izy ireo :

- tokony hanao contre visite eny Antsakaviro avokoa ireo fiara fitaterana (taxi be) tsy ankanavaka eto an-drenivohitra isaky ny 4 volana izany hoe in-3 isan-taona.

- Hanao fampitahana ny lisitr'ireo fiara miasa any anaty koperativa tsirairay ny vondron'ny mpitatitra sy ny kaominina mba hahafahana mahafantatra ireo fiara tena miasa marina ary ahalalana mazava ihany koa ny isan'ny fiara mpitatitra rehetra eto amin'ny tanànan'Antananarivo .

- Hametaka « autocollant » eo amin'ny pare-brise ny fiara mpitatitra rehetra eto an-drenivohitra ny CUA mba hampiavaka ny manao « transport urbain » sy ny « transport sub-urbain », mba hanavahana ihany koa ireo fiara mpitatitra tena izy ary ao anaty koperativa ara-dalàna marina, ary farany ho fanehoana ihany koa ny fiarahamiasa eo amin'ny CUA, ny UCTU ary ny FMA.

Ny tanjona ho an'ny CUA, UCTU ary ny FMA dia ny fanentanana ny mpitatitra rehetra eto an-drenivohitra hiverina hanaraka ny rafitra ara-dalàna mba hanomezana fahafahampo ny mpanjifa izay tsy iza fa ny mponin'Antananarivo renivohitra sy ny manodidina.

Aly

BORIBORITANY FAHA-6 (CUA)

Nahazo fiofanana tamin'ny ONG Positive Planet ny RF2

Nahazo fiofanana tamin'ny ONG "Positive Planet" ny Rafitra Fidiovana sy Fahadiovana, na ny RF2, ao amin'ny Boriboritany faha-6, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly tolakandro. Izany dia mba ho fanamafisana ny fahalalana izay efa nananan'izy ireo, ary indrindra ho fanatevenana ny fahaizana amin'ny fomba fiasa sy fitondrana olona, ary ny fitantanana sy ny fanentanana ny olona amin'ny lafiny rehetra, mba handala hatrany ny fahadiovana sy ny fikojana ny rano, ho fisorohana ny valan'aretina maro isankarazany. Ny tanjon'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra sy ny "Positive Planet" amin'izao fampiofanana izao dia ny fikatsahana hatrany ny soa iombonan'ny mponin'Antananarivo. Ireto farany dia mitsinjo hatrany ny vahoaka, amin' ny fitandroana ny fahasalamana, satria ny fahasalamana no voalohan-karena. Raha tsy salama ny olona ao anatiny, dia tsy afaka handroso ny tanàna iray.

Ireo avy amin'ny RF2 nahazo fiofanana tao amin'ny Boriboritany faha-6.

Aly

Beteva Miandrivazo

Niravina ny disadisa tamin'ireo fianakaviana niady an-trano

Nidina ifotony ny talata teo nanao ny fampihavanana ny ady an-trano tao min'ny Kaomina Ampanihy, fokontany Beteva, ny solontenam-panjakana any Miandrivazo faritra Menabe, niainga tamin'ny 6 ora maraina niaraka tamin'ny mpitandro filaminana. Raha tsiahivina dia fianakaviana iray no nifamono tao Beteva, ka nandritra izay ady an-trano izay dia manodidina ny 7 ny olona maty voatifitra tamin'ny tara-jiro sy fitifirana ankarihary. Nampitsanga-menatra ny faritra tao Miandrivazo, indrindra fa ny tanàna tao Beteva ity ady an-trano ity satria dia fianakaviana iray ireo niady ireo, ankoatry ny vono olona dia maro ny omby very, ka nahatonga ity tanàna ity niha-nahantra ny mponina ao aminy satria tsy misy fambolena vanona noho ny tebiteby isan'andro, ny doro trano manginy fotsiny. Nahatsapa ireto fianakaviana ireto sy ny Ben'ny tanàna fa tsy tsara ny ady, ka nisy ny fifandaminana anatiny ary niara-niaiky ny roa tonta fa hiavana indray. Tonga nanatanteraka izany fampihavanana izany ny lehiben'ny distrika sy ny mpitandro filaminana, nisy ny omby natao titika fomban-drazana ho an'ireo fianakaviana nihavana , hentitra ny mpitondra rehetra tany an-toerana ny hitandremana ny fihavanana, ka tompon'andraikitra feno ny fianakaviana izay mbola hamerina ny sotasota sy ny ady indray. Vita hatreo ny disadisa ao amin'ny fokontany Beteva fa hiroso amin'ny famokarana sy fivelomana ny mponina.

Serge

Kaominina Ambavahaditokana

Filamatry ny fampandrosoana hoy ny ben'ny tanàna

Nandritry ny tatitra nataon'ny ben'ny tanànan' Ambavahaditokana, distrikan' Antananarivo atsimondrano omaly, no nanambarany fa atao kaominina filamatra ity kaominina ity. Santionany amin'izany ohatra ny sehatry ny fampianarana sy ny fahasalamana. Sekoly telo eo anivon'ny kaominina no nahazo "cantine scolaire" avy amin'ny kaominina. Mila jerena manokana ireo sekoly ireo raha ny fanazavana satria antoky ny fampandrosoana ny ho avin'ny tanora, ka ny fianarana no vaindohandraharaha amin'izany. Tsy maintsy tsinjovina ny mpianatra hoy izy, ka mendrika ampiana ny ray aman-dreny sahirana , indrindra ireo mpianatra tsy ampy sakafo. Tsy ny fampianarana ihany, fa hojerena ihany koa ny sehatry ny fahasalamana, ny fanatanjahantena, ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana amin'ny fanohanana ara-pitaovana na masomboly, na fanafody ihany koa. Santionany ireo raha ny nambaran' ny ben'ny tanàna fa tsy maintsy tohizana ny sehatra fampandrosoana isan-tokony eny anivon' ny kaominina. Tsy mijanona hatreo akory ny hetsika raha ny nambarany fa hitohy isan-taona izany, indrindra amin'izao famaramparanana ny asan'ny ben'ny tanàna izao.

Rajo

Ireo olona sasany nampihavanina tany Beteva Miandrivazo.

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao : hoy indray ny Président CENI Hery RAKOTOMANANA : «Raha misy tsy faly tamin'ny zavaniseho omaly dia ny fidinan'i Andry Rajoelina niaraka tamin'ireo kandida teny Besarety dia afaka mitory eny amin'ny fitsarana ry zareo». «Tsy maintsy misy ny lesoka», raha mbola fifidianana no resahina, hoy ny CENI: hita maneran-tany izany. Dia tena gaga ny tena... Angaha moa tsy anjaran'ny CENI no manenjika ireo mpandika lalàna amin'izao fotoanan'ny propagandy izao? Ary anjarany ihany koa ny mandefa fitoriana eny amin'ny fitsarana! Koa inona fotsiny izany no ilàna ny CENI raha izany? Ankoatry ny fizarana fotoana handraisana fitenenana ao amin'ny TVM sy ny RNM. Hita ho mbola mitongilana amin'ny fitondrana Rajoelina sy ny kandidàny indray ny CENI amin'izao fifidianana depute izao.

Randriamandroso Raymond
Lot III- H... Andrefan'Ambohijanahary

SARIITATRA : Fahapotehan'ny toe-tsaina, toekarena, ilay nilaza hoe ny fitiavana no lehibe indrindra no nanao izany

Mpiandry raharaha

PHARMACIE DE GARDE
18/05/19 hatramin'ny 25/05/19

- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/ 033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/ 034 05 207 17/032 05 207 17

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7

Fametrahana 913-05-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FAMPIASANA NY PARVIS ANALAKELY

Herintaona sy tapany tsy nandoa ny hofany ny Le Zoma de Tana

Nitondra fanazavàna mahakasika ny fampihantonan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny fampiasan'ny Le Zoma de Tana ny Parvis Analakely, ny talen'ny seraseran'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, Tiana Harilaza Rahavelo omaly. Nanomboka ny taona 2018 hoy izy no nisy ny fifanarahana teo amin'ny Kaominina Antananarivo renivohitra(CUA) sy ny Lezoma du Tanà amin'ny fampiasana ny Parvis hanaovana hetsika ara-barotra sy fanpirantiana isambolana. Nandritra ny herintaona sy tapany anefa dia tsy notanterahan'ny Lezoma de Tanà ny fifanarahana tamin' ny fandoavana ny vola hofan'ny toerana tamin'ny CUA. Nampahatsiahy sy niala nenina hatrany an'ity orinasa misahana hetsika ara-barotra ity ny kaominina ary nandeha tamin'ny ambaratonga rehetra tokony hatao izany fampahatsiahivana sy ala nenina izany, vao nampihantona ny fifanarahana natao taminy ny fiadidiana ny tanàna. Nisy ny taratasy fanomezana fe-potoana handoavana ny vola nataon'ny CUA, nefa tsy nanaraka izany hatrany ny Lezoma du Tanà. Na izany na tsy izany, ny hetsika fanao isam-bolana dia mbola mitohy hatrany eo amin'ny Parvis Analakely, indrindra amin'izao ankatoky ny fankalazana ny fetin'ny Reny izao.

Ny talen'ny seraseran'ny CUA (ankavia).

Isambilo

YALI Mandela Washington Fellowship

Tanora mpitarika miisa 14 hiofana any Etazonia

Tanora mpitarika miisa 14 no voafantina hisitraka ny programa fifanakalozana YALI Mandela Washington Fellowship, omen'i Etazonia, ary hisolotena an'i Madagasikara sy ny Nosy Kaomoro ireo tanora ireo. Noraisina tetsy amin'ny masoivoho amerikanina Andranomena izy ireo tamin'ity herinandro ity, nanomezana azy ireto ny toromarika momba ny fiatrehana ny fampiofanana, ary ny fivahinianan'izy ireo an'i Etazonia. Tetikasa noforonin'ny governemanta amerikanina tamin'ny nitondran'ny filoha Barack Obama ny YALI Mandela Washington Fellowship, natao hampiofanana an' ireo tanora sangany aty Afrika, ho mpitantana matihanina sy hitondra fivoarana eo amin'ny manodidina azy, rehefa tafaverina avy any.

Aly

Tranombarotra Baolai

Maro ny fanomezana azo omena ny reny ao aminy

Ao anatin' ny fankalazana ny fetin' ny Reny, ny Pentekôsta sy hafa ho avy izao, dia magazay maro eto amintsika no manavao ny tolotra omeny. Isan' izany ny tranombarotra « Baolai ». « Ho amin' ny fetin' ny reny ho avy izao, dia maro isan - karazany ny entana vaovao loha- laharana amin ' ny kalitao izay azo atao fanomezana ato aminay. Izay mifanaraka hatrany amin 'ny filany sy ny fahefa-mividin' ny tsirairay. Ho fintsinjovana ny daholobe, dia misy fihenam-bidy amin' ireo Smart tv sy télé Led ato amin' ny tranombarotra « Baolai », manomboka izao ka hatramin' ny faran' ny volana Jona 2019. Mbola misy koa ny: fer à lisser (volo), panneaux solaires mono sy polychristalline, four micro - onde, brushing, réfrigerateur, machine à laver, sns... Ny toerana ahitana anay dia tsy miova fa ao : Bazar be Toamasina, Analakely: eo ampitan' ny biraon' ny kaominina (eo akaikin' ny arrêt taxi be 137), Avenue de l' Indépendance sy eo ampitan' ny Epp, ary etsy Soarano (eo ampintan' ny Firaisana I, ao amin' ny Seg ary eo ampitan' ny Epp Soarano) » hoy ny tompon ' andraikitra. Ankoatran' izay, dia isan' ireo handray anjara amin' ny FIM etsy Tanjombato ny tranombarotra « Baolai » izay hanomboka ny 23 ka hatramin' ny 26 mey 2019 izao. Ny reny no fototra ijoroan' ny tokantrano, rariny loatra raha tolorana fanomezana miavaka izy, amin' ny alalan' ny entana tsara kalitao, amin' ny fetin' ny reny ny alahady izao.

Aly

Entana anisan'ny azo atao fanomezana ao amin'ny Tranombarotra Baolai.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 282



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0281)

Mitsivalana
- Milalao
- Anaka - Fo(lo)
- Tazana
- Manina (Miv)
- Jiro (Miv) - Osy
- Kanosa
- Aia ? - Maty (Miv)

Mitsangana
- Matroka
- Ina - Ray
- Lazaina
- Akanjo
- Lany - Sy
- Taona (Miv)
- Fo (Miv) - As
- Maimbo (Miv)

TENY MIFANARAKA **N° 282**



Mitsivalana

1. Tempoly sy Eglizy **2.** Biby fiompy (Miv) **3.** Tolonay - Solo **4.** Tovona (Miv) - Hekitara (Miv) **5.** Naoty (Miv) - Tsy akaiky **6.** Sakafon-jaza **7.** Atsahatra (Miv) - Aviavy (Miv) **8.** Maribola - Tsy nanaiky **9.** Hery sy tanjaka - Teny fanehoana **10.** Tsirin-teny Iharana - Mamba

Mitsangana

A. Sekolinay **B.** Mitempo - Tsofoka fanitarana **D.** Eny - Kere **E.** Nanome **F.** Vaventy **G.** Bengy - Voankazo **H.** Mpanoritra - Tsiro - Teny Mandrara **I.** Feo miverina - Ilainay **J.** Foto-tsakafo (BR) - Fanafody **K.** Alamina tsara

Valiny Teny mifanaraka 0281

Mitsivalana
1 Faratsiho 2. Alao 3. Laza - Kanto 4. Anaovanay 5. Kintana - AS 6. Ariana 7. AA - Loka (Miv) 8. Ota (Miv) - Vorona 9. Maronitra (Miv) 10. Vaay - Fara

Mitsangana
A. Felaka B. Any - Atao D. Razana - Ora E. Alaotra - Ty F. To - Vaiavy G. Sakana - No (Miv) H. Fararano (Miv) I. Hena - Akora J. Tia - Rano (Miv) K. Zo - Salama

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Marc Ravalomanana nanolotra ny kandida TIM K25 tao Brickaville.

Ny Filoha Marc Ravalomanana nanolotra ny kandida TIM K25 tao Toamasina.